# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Oktobra 2018

# 25 Alakamisy oktobra

**Sambatra ny olona izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany.** Salamo 32. 1

**Sambatra izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany. Sambatra izay olona tsy isain'i Jehovah heloka.** Romana 4. 7-8

## Ny Baiboly sy ny voambolany : ny fahotana

Maro ny olona mihevitra fa tsy manana toerana eo amin' izao fiainana ankehitriny izao intsony ny teny hoe „fahotana", ary mahita aza fa mbola resahina matetika loatra io teny io. Hevitra fahagola hono io, noforonin'ny mpitondra fivavahana mba hampanjakany ny fomba fivavahany ; na koa aretina tsy maha tompon'andraikitra ny tena, ka sitranina amina fitsaboana. Nefa samy miaiky ny tsirairay fa ny halatra, herisetra, vono olona dia samy tokony homelohina avokoa, satria manimba ny hafa. Heverina fa noho io antony io ihany no tokony hanamelohana ireo ; nefa ny lainga faran'izay kely, na ny hevitra mifono avonavona, ohatra, dia efa samy fahotana ihany koa.

Miresaka momba ny ota ny Baiboly, ary angamba ny fieritreretantsika koa, raha manaiky hihaino azy isika. Tsy inona ny fahotana, fa fanoherana ny sitrapon'Ilay Andriamanitra masina, fanoherana tsapa na tsy tsapa, atao fanahy iniana na tsia. Samy fahotana avokoa izay rehetra mifanohitra amin'ny sitrapon'[illegible]amin'ny fitiavany, ny hatsarampony, ny fahendreny.

Antsoin'ny Baiboly hoe *fahotana* :

— ny tsy fahamarinana : fantatro ny fampianaran'ny Tenin'Andriamanitra, kanefa iniako tsy atao ;

— ny fitondrantena tsy miraharaha an'Andriamanitra : toy ny hoe tsy misy Andriamanitra no fitondrako ny fiainako.

Raha izany àry, iza no afaka hilaza fa tsy nanota ? Tondroin'ny Baiboly mazava tsara ny fahadisoantsika, nefa ambarany mazava toy izany koa fa efa nozakain'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana ny famaizana izay rehetra mety ho fahotantsika. Ilaina, ary ampy, ny mino ny Tenin'Andriamanitra hoe : „Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra" (1 Jaona 1. 7).